Taonan'ny Asa fitoriana Kaontinantaly ho an'i Azia sy Oseania 2022

Tanjona:

- Fanamafisana sy fahatsapana ny mahaizy azy sy ny firaisan-kinan'ny herivelona rehetra anaty faritra jeografika ary hanenika ny Fikambanana manontolo, eto amin'ity tontolo misy antsika izay ifangaroan'ny fisaratsarahana amin'ny maha-olona sy ny fitsitokotokoana ity.
- Fijerena ny endri-pisiana isan-karazany izay atolotsika an'ireo Kaontinanta anankiroa ireo amin'ny maha-Misionera Montfortana.
- Asehoy ny fomba fijery vaovao amin'ny maha-misionera amin'ny ho avy, eto sy an-kafa.

Ny zava-misy

Ireto no mampiavaka an'i Azia sy Oseania:

- Manan-karena fahasamihafana amin'ny lafiny ara-pinoana, ny kolon-tsaina, ny soa toavina, ny foko, ny fiteny…;
- Amin'ny lafiny ara-pinoana manokana, ahitana fivoarana tsara sy mahafinaritra ny amin'ny ara-panahy sy ny fivavahana;
- Filàna ara-panatontoloana
- Fahatsapana fa mahay mandray vahiny
- Ao amin'ny Fiangonana, hafanam-po amin'ny asa fitoriana sy fiainana feno fahafoizan-tena, indrindra ho an'i Maria Virjiny
- Fisalasalana lehibe manoloana ny rafitra politika sy ny toe-karena

Noho izany, ahoana ary no hahatongavanao ho Misionera Montfortana na ho Lahika Montfortana manoloana ireo zava-misy ireo? Ny Lehibem-pikambanana dia mametraka mazava ny lanjan'ny fananana *"ny maha-izy azy manokana ny Montfortana":* ny fitoriana ny Evanjely, ny fifandraisana velona amin'i Maria (amin'ny alalan'ny fampiasana ny fanokanan-tena amin'i Jesoa amin'ny alalan'i Maria), ny anjara asan'ny Lahika amin'ny asa fitarihana.

Loha-hevitra : Mitsangàna, mamirapirata !, Montfort any Azia sy any Oseania

Sary famantarana :

a. Mitsangàna, mamirapirata! (Rise and Shine): ny loko manga dia manambara an'i Maria Virjiny. Ny Hazofijaliana izay tsy afa-misaraka amin'i Maria dia ny Fahendrena izay manampy antsika hitsangana sy hamirapiratra amin'ny maha-Montfortana. Mitsangana sy mamirapirata isika miaraka amin'ny Hazofijaliana sy miaraka amin'ny Renintsika dia i Maria. Ny loko fotsy (loko manemitra ny ny sary fanehoana) midika hoe ny fiainantsika dia voatokana ho an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny tanan'i Maria.

b. Maneho ny hafenoana mandrakizay ny faribolana, ary isika (Montfortana), misionera mpivahiny tsy voafehin'ny toerana, vonona lalandava, mahaleo tena amin'ny teny, ny saranga, ny kolontsaina, ny toetr'andro ary ny finoana.
Ny loko manga antitra: dia mari-pamantarana ny fiainana – ny Fiainana ao amin'Andriamanitra. Azia sy Oseania dia miaina ao anatin'ny marika ara-panahy ary ny kolontsaina tsirairay dia mifandray amin'ny tontolon'ny ara-panahy daholo.

d. Ny Kintana : ny tara-pahazavana tsirairay dia maneho ny iray amin'ireo fikambanana voarohy sy mifamatotra amin'ny hafa. Ny zoro tsirairay amin'ny kintana dia milaza ny maha-Iray anaty Fahasamihafana, izay midika hoe mitsangana isika sy mamirapirata, tsy hoe ny isam-pikambanana tsirairay fa amin'ny maha-Montfortana aty Azia sy aty Oseania. Tsy maintsy miara-miasa amin'ny fikambanana hafa isika ary mamondrona ny mponina rehetra ho ao amin'i Kristy hita maso amin'ny alalan'ny asantsika sy ny fiainantsika Montfortana.

Enga anie ny Fanahin'i Mompera de Montfort hitoetra ao amintsika mandrakizay. MITSANGANA ISIKA ARY MAMIRAPIRATA!

Vavaka

Ry Andriamanitra Rainay ô, tsarovy ny Fikambananao izay efa notendrenao hatrizay hatrizay hanatanteraka ny drafi-pitiavanao amin'ny fanentanana ny mpanomponao, Masindahy Louis Marie de Montfort, ka nandray anjara tamin'ny iraka apostolika sy ny fitoriana ny Vaovao Mahafaly momba ny Zanakao, ho fanavaozana ny Eglizinao. Tsarovy ireo misioneranao izay nandray anjara amin'ny famafazana ny voan'ny Evanjely, amin'ny alalan'ny fitoriana ny aim-panahin'ny Fahendrena aty Azia sy Oseania.
Aniraho ny Fanahinao mivaivay izahay mba hahatonga anay ho misiônera masina araka izay irian'ny fonao, mba ahafahanay hitsangana sy hamiratra amin'ny fiombonanan'ny mpirahalahy sy ho tonga mpaminany amin'ny fiainanay ary ny asa fitoriana ataonay, eo ambany fitarihan'ny Virjiny Masina sy Sambatra, Renin'Andriamanitra sady Reninay. Ampio izahay hahita indray ny hatsaran'ny fanomezam-pahasoavana misionera Montfortana, hifampiresaka hatrany manoloana ny olana misy ato Azia sy Oseania, mba hirona miaraka amin'ireo kolontsaina sy ny finoana marobe, amin'ny fanompoana ara-pirahalahiana eto amin'ity izao tontolo izao misy anay ity. Omeo anay ny hery ahafahanay handrehitra ny afom-pitiavan'Andriamanitra manoloana ny zava-misy isan-karazany eto amin'ity tany ity. Voninahitra ho an'i Jesoa ao amin'i Maria ! Voninahitra ho an'i Maria ao amin'i Jesoa ! Voninahitra ho an'Andriamanitra Irery !

Tononkira

MITSANGANA, MIHAZAVA !
Mompera Willy Selman, Ponchâteau - Frantsa

Nantsoina isika, mba hirahina
Hitory an'i Jesoa Kristy Tompo
Nantsoina isika, mba hirahina
Handeha manerana an'izao tontolo izao,

Nantsoina isika, mba hirahina
Mba ho misionera mafana fo
Nantsoina isika, mba hirahina
Eo anivon'ny kolontsaina sy ny firenena

Mitsangàna, Mamirapirata !
Aoka ho hazavana, hazavana mamiratra, manjelanjelatra
Aringano ny haizina manambana izao tontolo izao
Mitsangàna, Mamirapirata !
Aoka ho hazavana, hazavana mamiratra, manjalanjelatra
Miaraka amin'ny Fanahin'i Masindahy Montfort.

Mitsangàna, Mamirapirata !
Miaraka amin'ny Fanahy tarihin'i Masindahy Montfort

Mitsangàna, Mamirapirata !
Aoka ho hazavana, hazavana mamiratra, manjelanjelatra
Aringano ny haizina manambana izao tontolo izao
Mitsangàna, Mamirapirata !
Aoka ho hazavana, hazavana mamiratra, manjalanjelatra
Miaraka amin'ny Fanahin'i Masindahy Montfort

Mitsangàna, Mamirapirata ! ....
Miaraka amin'ny Fanahy tarihin'i Masindahy Montfort
Miaraka amin'ny Fanahy tarihan'i Masindahy Montfort